



INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



FAMINTINANA IREO VAOVAO NISONGADINA NANDRITRA NY HERINANDRO TETO ANTANANARIVO SY TANY AMIN'NY FARITRA 21 –27 APRILY 2016

Ity tatitra ity dia famintinana amin'ny teny malagasy ireo tsara ho marihina mikasika ny fomba iresahan'ireo mpanao gazety any amin'ny faritra ireo vaovao nanamarika ny herinandro. Natao indrindra izany mba hahafahana mamantatra raha anisan'ireo izay mikendry ny fametrahana ny fampihavanana na kosa amin'ireo izay mandrangitra fikorontanana ny mpanao gazety, ka amin'ny alalan'ny fomba fiteniny sy ny fomba fiasany no amaritana izany. Ity tatitra ity ihany koa dia manampy amin'ny fanarahana akaiky ireo endrika korontana samihafa manerana ny nosy taterin'ny haino vaky jery.

MATOAM-BAOVAO

MITOHY NY FITOKONANA ATAON'IREO MPITARIKA NY FIKAMBANAN'NY MPIASA AO AMIN'NY SIDINA “AIR MADAGASCAR”

Manamafy ny fitakiany ireo efatra mirahalaha mpitarika ny fikambanan'ny mpiasa ao amin'ny “Air Madagascar”, ary nanomboka nanatevin-daharana azy ireo ny sendika hafa, toa ny an'ny mpiasan'ny JIRAMA sy ny sendikan'ny mpanakanto. Naneho ny fanohanana azy ireo ihany koa ny antoko politika Freedom tarihin-dRamatoa Lalatiana Rakotondrazafy sy ny “Parti Libéral Démocrate” tarihin-dRamatoa Saraha Georget Rabeharisoa. Ankoatr'ireo dia manolo-tanana ireto mpiasan'ny “Air Madagascar” ireto ihany koa ny mpisolovava Me Willy Razafinjato. Ampahatsiahivina fa ny fitakiana ny fanatanterahana ny didim-panjakana izay mamela azy ireo malalaka handray ny asany no anton'izao fitokonana izao.

Niresaka betsaka an'ity fitokonan'ny mpiasan'ny “Air Madagascar” ity ny haino vaky jery hatrany amin'ny faritra any. Raha ny voalazan'ny TVM dia tetsy Analakely manoloana ny biraon'ny orinasa ny mpitokona. Tamim-pilaminana no nanatanterahana izany, raha ny voalazan'ity fahitalavitra ity. Taorian'ny tatitra dia nampita ny fanambaran'ny avy ao amin'ny zandarmariam-pirenena ihany koa izy, izay nanantitra fa ho hentitra amin'ny filaminam-bahoaka. Tsy nisy fitanilana moa ny fomba nampitana izany, fa samy voakasika avokoa ireo izay rehetra manao famoriam-bahoaka tsy nahazoana alalana. Toa izany ihany koa no fomba nampitan'ny TV PLUS ny fanambaran'ny Kaomandin'ny Fari-piadianana Iraisam-paritry ny Zandarmariam-pirenena, ny Jeneraly Florens Rakotomahanina, izay nanamafy fa tokony hakana fahazoan-dalana avy amin'ny Prefektora avokoa ny famorim-bahoaka rehetra. Nampitandrina ireo mpitokona kosa ny tompon'andrakitra ny CIRGN, ka nilaza fa hisy ny fepetra horaisina raha toa ka mbola mitohy ny fitokonana. Ireo mpitokona anefa etsy andaniny dia milaza teo amin'ny fandraisam-peon'ny MA-TV fa tsy hampitsahatra ny hetsika mandra-pahazoan'izy ireo valiny mahafapo. Nomarihin'ny MA-TV koa fa nandà

Leader du Consortium

Membres du Consortium





INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



ny hiresaka tamin'ny mpanao gazety ny Tale Jeneralin'ny orinasa, Andriamatoa Gilles Filiatreault.

Nokianin'ny **VIVA TV** mafy kosa ny fitondrana, ka nolazainy fa manao be marenina nefa mandalo fotoan-tsarotra tokoa ny "Air Madagascar". Raha nanontaniana moa ny Filohan'ny sendikan'ny teknisianina eo anivon'ity orinasam-panjakana ity, dia nampahafantatra fa hanatevin-daharana ireto mpitokona ireto ry zareo. Naneho ny fanohanany an'ireo mpitokona ihany koa ny **FREE FM**. Nanambara mantsy i Lalatiana Rakotondrazafy fa tolona ho an'ny Malagasy rehetra ity ataon'izy efatra mirahalaha ity. Nomarihiny tamin'izany fa antony politika no mahatonga an'ireto farany tsy ho tafaverina amin'ny asany. Somary mampanahy ihany ny filazan'ity mpanentana fandaharana ity fa mihasarotra ny raharaha eto amin'ny firenena ary resa-be fotsiny ihany izany tany tan-dalàna izany. Mitolona ho amin'ny fanomezan-danja ny mpiasa malagasy ireo mpitolona ireo, raha ny fahitan-dRamatoa Lalatiana Rakotondrazafy azy. Nanohana izany voalazany izany ary nanohana ihany koa ny mpitokona ireo mpihaino niditra mivantana tao amin'ny **fandaharana "Anao ny Fitenenana"**. Tao ireo nanondro ny Praiminisitra vaovao ho tsy mahavaha olona ary tao ihany koa ireo izay nanameloka ny mpitondra ka nanambara fa ataon'ireto farany izay hanapotehana ny "Air Madagascar". Raha nanontaniana ny **FREE FM** ny Tale Jeneralin'ny Birao Nasionalin'ny Fizahantany Andriamatoa Joël Andriamandranto, dia nilaza fa adihevitra an-databatra boribory izay andraisan'izay voakasik'ity raharaha ity anjara mivantana no ilaina raha tena te hamaha olana.

Nampita ny hevitra ny filohan'ny antoko Freedom no sady mpanao gazety, Lalatiana Rakotondrazafy kosa **KOLO TV**. Nanisny tsindrim-peo manokana mikasika ny tsy fampiharana ny didim-pitsarana i Lalatiana Rakotondrazafy. Nanakiana mafy ny Praiminisitra kosa ny mpisolovavan'ny mpitokona, Maître Willy Razafinjatovo ka nolazainy fa tokony ataony izay hampiharana ny didim-pitsarana mamerina ireto mpiasa ireto amin'ny andraikiny ao amin'ny "Air Madagascar" raha tena governemanta vonon-kiady araka ny nambarany tamin'ny fotoana nandraisany no toerana maha Praiminisitra azy tokoa no natsangan'Andriamatoa Solonandrasana Mahafaly. Teo amin'ny fandraisam-peon'ny **KOLO TV** ihany koa no nanambaran'ny avy ao amin'ny antoko Aroriaka fa manohana ny fitakian'ireo mpiasa efatra mirahalaha ry zareo, mba ho fanajana ny lalàna. Maro moa ireo sendika nanatevin-daharana ireo mpitokona, anisan'izany ny **SEKRIMA** sy ny sendikan'ny mpanakanto. Ankoatr'izay dia nampita ny fanambaran'ny Tale Jeneralin'ny "Air Madagascar" ihany koa ny **KOLO TV**, ka tamin'izany no nanambaran'ny fa tsy manana fahefana hanapaka fampidirana mpiasa ao amin'ny orinasa ny Fitsarana misahana ny ady amin'ny fanjakana. Noho izany dia tsy mitombina ny fitakian'ireo mpiasa efatra izay mifototra amin'ny didim-panjakana. Fanambarana izay nomarihiny Maître Willy Razafinjatovo fa toa milaza fa tsy mahatapaka n'inona n'inona ny Fitsarana malagasy. Raha ny fahitan-dRamatoa Saraha Georget Rabeharisoa azy kosa, dia toa manao izay fomba rehetra hamonoana ny "Air Madagascar" ny fanjakana. Nanohana izany fomba fijery izany ny **KOLO TV** sady nanamafy fa "tsy tompon'andraikitra" mihitsy ny mpitondra.

Leader du Consortium

Membres du Consortium



Ce projet est financé par l'Union européenne



INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



Nandefa mpanao gazety nijery ny fandehan-draharaha teny Analakely kosa ny **RADIO ANTSIVA**. Maro ireo sendika sy vondron'olona ary fikambanana samihafa izay nanatevinda-daharana ny mpitokona teny. Tsy nisalasala ilay onjam-peo nanentana ny olona hanohana ny fitakian'ireto mpiasan'ny "Air Madagascar" ireto. Tsy misy n'inona n'inona azo antenaina amin'ny mpitondra, hoy izy, na dia teo aza ny fanovana mpikambana amin'ny governemanta. Nanambara teo amin'ny fandraisam-peon'ny **RADIO ANTSIVA** moa Andriamatoa Rado Rabarilala, isan'ireo mpitokona, ka nanipika fa ny hisintona mpamatsy vola vahiny sy hanindry ny mpiasa malagasy no antony nanendrena ny Tale Jeneralin'ity orinasampanjakana ity. Naka ny hevitr'i Saraha Georget Rabeharisoa ihany koa ny onjam-peo ka "Manana zo hitokona ireo olona ireo", hoy izy, "Ny didim-pitsarana rahateo efa nivoaka sy nanapa-kevitra fa afaka miverina mandray ny asany izy ireo. Aoka hatsahatra amin'izay ny fanitsakitsahana ny lalàm-panorenana sy ny zon'ny sendika." Tsy mifanalavitra amin'izay ny fanehoan-kevitr'Andriamatoa Serge Zafimahova, izay nampika-peo nanamafy fa tsy mihatra eto amin'ny firenena ny tany tan-dalàna. Raha araka ny voalaza amin'ny andininy faha-65 ao anatin'ny Lalàm-panorenana tokoa mantsy dia isan'ny andraikitra ny Praiminisitra ny fanatanterahana fanapahan-kevitra ny Fitsarana. Ny mpitandro filaminana kosa no nokianin'ireo mpihaino tao amin'ny **fandaharana "Sehatra ho an'ny Mpihaino."** Tsy manao ny asany izy ireny, hoy ny fanehoan-kevitra, fa nivadika ho herim-pamoretana, tsy mitandro ny fandriam-pahalemana sy ny filaminam-bahoaka akory.

SAVOROVORO METY HITERAKA KORONTANA

MIHAMAFY NY FITOKONAN'IREO MPIRAKI-DRAHARAHA

Na dia efa nihaona tamin'ny minisitra Charles Andriamizeza aza ireo mpikambana ao amin'ny sendikan'ny mpiraki-draharaha sy ireo mpandraharahan'ny fonja, dia nanapa-kevitra hanohy ny fitokonany satria tsy afa-po tamin'ny vahaolana natolotry ny tompon'andraikitra. Nanamafy izany tamin'ny alalan'ny fanambarana ny filohan'ny Sendikan'ny mpiraki-draharaha, Andriamatoa Nicolas Rabenandrasana.

Nanentana ny mpiraki-draharaha sy ny mpandraharahan'ny fonja hampitsahatra ny fitokonany ny **TVM**. Tamin'izany no nampitany ny fanambarana nataon'ny Filohan'ny Vondron'ny Mpisolo vava, Maître Hubert Raharison. Niantso ny mpitokona ity farany hampihantona ny hetsika, satria dia ny olona manan-draharaha hotsaraina no tena voa mafy amin'izany. Nampahatsiahiviny ihany koa fa manana tamberin'andraikitra toy ny mpiasan'ny Fitsarana rehetra ny mpiraki-draharaha. "Inona no hataonareo raha mitokona ihany koa ny vahoaka satria tsy afapo amin'ny asa atolotra azy?", hoy ity mpahay lalàna ity. Nampita an'io fanambarana io ihany koa ny **MA-TV**. Nangataka ny hiverenan'ireo mpitokona hanao ny asany i Maître Hubert Raharison, na farafaharatsiny mba misy mpiandry raharaha eny amin'ny toeram-piasana. Betsaka tokoa mantsy ireo raharaha mihantona eny anivon'ny Fitsarana eny. Noho izany dia niantso ny tompon'andraikitra eo anivon'ny ministera sy ireo mpitokona ny Vondron'ny Mpisolovava izy mba hitady marimaritra iraisana.

Leader du Consortium

Membres du Consortium



Ce projet est financé par l'Union européenne



INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



*Tetsy ankilan'izany dia toa mafana ny raharaha, raha ny filazan'ireo haino vaky jery tsy miankina hafa. Ny **TV PLUS** ohatra dia namerina nitatitr'ireo hetsika sendikaly rehetra nitranga faramparany teo : tao ny fandrahonana hitokona nataon'ny vondron'ny sendikan'ny mpiasan'ny miniteran'ny Fanabeazam-pirenena, ny hetsik'ireo filohan'ny sendikan'ny mpiasan'ny "Air Madagascar", sy ny an'ireo mpiraki-draharaha sy mpandraharahan'ny fonja. Avy eo dia nampita ny fanambaran'ny Lehiben'ny Prefektoran'Antananarivo renivohitra ity fahitalavitra ity, izy moa dia nampahafantatra fa vondrona iray monja no nanao fangatahana alalana hamory olona, anefa fantatra fa tsy tokony ho afaka manao izany raha tsy mahazo alalana. Niresaka ny fandehan-draharaha amin'ny ankapobeny kosa ny **FREE FM** ka nilaza fa tsy maha vaha olana ireo tompon'andraikitra isan-karazany. Nanasa ny filoha lefitry ny sendikan'ny mpandraharahan'ny fonja, Andriamatoa Israely Ravalison sy ny Filohan'ny sendikan'ny mpiraki-draharaha, Andriamatoa Nicolas Rabenandrasana kosa ny **VIVA TV**. Nifantoka betsaka tamin'ireo olona sy tsy fifandanjana misy eo amin'ny tontolom-pitsarana eto Madagasikara ny fandraisam-pitenen'izy ireo. Ny ministry ny Fitsarana, Charles Andriamisezaka kosa no nasain'ny **KOLO TV**. Taratra tamin'ny teniny fa hisy ny vahaolana ka hanaiky ny soso-kevitr'ireo mpiraki-draharaha ny tenany. Ireo mpihaino niditra mivantana to amin'ny **RADIO ANTSIVA** sy **RADIO PLUS** kosa dia samy nanakiana mafy ny mpitondra, ka nilaza fa ny Filohampirenena sy ny Praiminisitra no tompon'andraikitra amin'izao zava-misy izao.*

FAHATAPAHAN-DRANO ETO AN-DRENIVOHIRA: NAMPIAKA-PEO NY MPANJIFA

Tapaka ny rano tany an-tokantranona mpanjifa maro teto an-drenivohitra ny andron'ny 26 aprily lasa teo. Raha ny fanazavana azo avy amin'ny tompon'andrakity ny serasera eo anivon'ny JIRAMA, Feno Andrianarison, dia olana tamin'ny fantsona fitsinjarana rano ao Andohanimandrozeza no nahatonga izany fahatapahana izany. Efa tamin'ny taona 1940 mantsy no efa niasa io fantsona io, ary tsy nisy ny fikolokoloana na fanamboarana azy hatramin'izay. Vokany, tsy maintsy notapahina ny rano tamin'ny faritra maro mba hahafahana manamboatra azy.

*Niezaka nampitony ny savorovoro ny **RNM** sy **TVM**. Nomarihiny tamin'izany fa efa andalam-pamitana ny fanamboarana ireo teknisianina avy amin'ny JIRAMA. Araka ny fanampim-panazavana nomen'Andriamatoa Feno Andrianarison, dia nila fotoana betsaka noho izay noheverina ny fanamboarana. Afaka 24 na 48 ora any ho any, hoy izy, vao hahazo rano ireo mponina amin'ny faritra manodidina an'Antananarivo, ary mazava ho azy fa haloto io rano io ka tokony havela handeha aloha mandra-padiony. Ny **MA-TV** kosa dia niezaka nitady fanazavana ny amin'ny antony nahatonga izao fanamboarana izao. Ankoatra izay dia naka ny feon'ireo olona tapaka rano izy, ireto farany moa dia nimenomenona fa tsy afaka manao ny raharahany an-davanandro araka ny tokony ho izy.*

Leader du Consortium

Membres du Consortium



Ce projet est financé par l'Union européenne



INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



*Nokianin'ny **FREE FM** mafy ny tsy fahaiza-mitantan'ny JIRAMA. Tokony hametraka fomba fiasa mazava ny orinasa mba hisorohana ny toy izao, hoy ity onjam-peo ity. Porofon'ny tsy fahaizan'ny mpitondra izao, hoy Andriamatoa Serge Zafimahova, raha nohadihadian'ny **RADIO ANTSIVA**. Tao amin'ity onjam-peo ity ihany koa no nahenoana ny fiakaram-peon'ny mponina eny Ambatoroka, Ambatomainty, Amboditsiry, ary Soamanandrarin'ny. "Vita ny fahatapahan-jiro dia ny fahatapahan-drano indray izao ! Efa tafahoatra loatra !", hoy ity mpiantso iray. Minia manapi-tsofina ny mpitondra, hoy ny **RADIO ANTSIVA**, nefa raha mitohy izao, miampy ireo fitokonana ataon'ny sendika samihafa dia ho very ihany ity fitondrana ity.*

Responsables de l'Unité de Monitoring des Médias :

Tiaray RANDRIAMALALA: tiaray.randriamalala@eces.eu

Mirana RAZAFINDRAZAKA: mirana.razafindrazaka@eces.eu

Site web: www.incipals.eu

Leader du Consortium

Membres du Consortium



Ce projet est financé par l'Union européenne